REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA
Fitiavana - Tanindrazana - Fandrosoana

**MINISTERE DE L'ECONOMIE ET DES FINANCES**
**-------------**

**MINISTERE DES TRANSPORTS ET DE LA METEOROLOGIE**
**---------------------**

**PROJET DE LOI N°027/2026 du 10 juin 2026**

**Autorisant la ratification de l'Accord de prêt relatif au financement du Programme de Transport Multimodal et de Logistique, conclu le 09 juin 2026 entre la République de Madagascar et l'Association Internationale de Développement (IDA).**

## EXPOSE DES MOTIFS

Le Projet de Transport Multimodal et de Logistique constitue une réponse stratégique et prioritaire de l'État visant à sécuriser et moderniser les corridors de transport structurants, conformément aux orientations du Plan National des Transports et aux engagements du Gouvernement en matière de transformation économique. Il repose sur une approche intégrée combinant la réhabilitation d'infrastructures critiques, le renforcement des capacités institutionnelles, l'amélioration de la gouvernance et la promotion de solutions multimodales. L'objectif du projet est d'améliorer l'efficacité, la sécurité et la résilience climatique de certains corridors d'infrastructures de transport et de logistique à Madagascar.

D'une durée de 5 ans, le projet consiste en la modernisation et la réforme du transport ferroviaire, la réhabilitation des ports, la réouverture des voies navigables et la réforme du transport maritime et fluvial, la modernisation des aéroports régionaux et l'appui au secteur du transport aérien ainsi que l'appui à la coordination du projet et à la réinstallation.

Pour le financement de ce projet, l'Association Internationale de Développement (IDA) a octroyé au Gouvernement un prêt d'un montant de DEUX CENTS MILLIONS DE DOLLARS AMERICAINS (200 000 000 USD), équivalant à 839 218 000 000 Ariary.

### Conditions financières du prêt

| | | |
|---|---|---|
| Montant USD | 95 000 000 | 105 000 000 |
| Durée de remboursement | 40 ans dont 11 ans de différé | 25 ans dont 5 ans de différé |
| Taux d'intérêt | 0% | SOFR 6mois + 1,22% |
| Commission d'engagement | 0,25 % maximum | 0,25% |
| Commission initiale | 0% | 0,25% |

### Composantes du programme

**Composante 1.** Modernisation et réforme du transport ferroviaire

**Composante 2.** Réhabilitation des ports, réouverture des voies navigables et réforme du transport maritime et fluvial
**Composante 3.** Modernisation des aéroports régionaux et appui au secteur du transport aérien
**Composante 4.** Appui à la coordination du projet et à la réinstallation

**<u>Ministère de tutelle technique</u> :** Ministère des Transports et de la Météorologie

Aux termes de l'article 137, paragraphe II de la Constitution, « la ratification ou l'approbation des traités qui engagent les finances de l'Etat doit être autorisée par la Loi ».

Le Ministre de l'Economie et des Finances et le Ministre des Transports et de la Météorologie seront chargés d'en exposer les motifs et d'en soutenir la discussion.

Tel est, Mesdames et Messieurs les Parlementaires, l'objet du présent projet de Loi que nous avons l'honneur de soumettre à votre haute approbation.

Antananarivo, le

| Le Ministre de l'Economie<br>et des Finances | Le Ministre des Transports<br>et de la Météorologie |
|---|---|
| **Herinjatovo Aimé RAMIARISON** | **Herizo Andrianavalona RAMANAMBOLA** |

REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA
Fitiavana - Tanindrazana - Fandrosoana

**PRESIDENCE DE LA REFONDATION DE LA REPUBLIQUE**

**----------------------------**

**PROJET DE LOI N° 027/2026 du 10 juin 2026**

**Autorisant la ratification de l'Accord de prêt relatif au financement du Programme de Transport Multimodal et de Logistique, conclu le 09 juin 2026 entre la République de Madagascar et l'Association Internationale de Développement (IDA)**

L'Assemblée nationale a adopté en sa séance du………,

**LE PRÉSIDENT DE LA REFONDATION DE LA RÉPUBLIQUE, CHEF DE L'ETAT,**

Vu la Constitution,
Vu la Décision N°________-HCC/D3 du__________ de la Haute Cour Constitutionnelle,

**PROMULGUE LA LOI DONT LA TENEUR SUIT :**

**Article premier**. - Est autorisée la ratification de l'Accord de prêt relatif au financement du Programme de Transport Multimodal et de Logistique entre la République de Madagascar et l'Association Internationale de Développement (IDA), d'un montant de DEUX CENTS MILLIONS DE DOLLARS AMERICAINS (200 millions USD), équivalant à 839 218 000 000 Ariary

**Article 2.-** La présente Loi sera publiée au Journal Officiel de la République. Elle sera exécutée comme Loi de l'Etat.

Promulguée à Antananarivo, le

**Par Le Président de la Refondation de la République,**
**Chef de l'Etat**

**Michaël RANDRIANIRINA**

**Vu pour être annexé**
**Au décret n°2026-1477 du 10 juin 2026**

**Par Le Premier Ministre, Chef du Gouvernement,**

**Mamitiana RAJAONARISON**

REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA
Fitiavana - Tanindrazana - Fandrosoana

**GOUVERNEMENT**

**--------------------**

**DÉCRET N°2026-1477**

**Portant présentation au Parlement du Projet de Loi n°027/2026 du 10 juin 2026 autorisant la ratification de l'Accord de prêt relatif au financement du Programme de Transport Multimodal et de Logistique, conclu le 09 juin 2026 entre la République de Madagascar et l'Association Internationale de Développement (IDA)**

**LE PREMIER MINISTRE, CHEF DU GOUVERNEMENT,**

Vu la Constitution ;
Vu la Décision n°10-HCC/D3 du 14 octobre 2025 accordant à l'autorité militaire compétente, représentée par le Colonel RANDRIANIRINA Michaël, l'exercice des fonctions de Chef de l'Etat ;
Vu le Décret n°2026-776 du 15 mars 2026 portant nomination du Premier Ministre, Chef du Gouvernement ;
Vu le Décret n°2026-777 du 25 mars 2026 portant nomination des membres du Gouvernement ;

**DÉCRÈTE :**

**Article premier**.– Le projet de Loi n°027/2026 du 10 juin 2026 autorisant la ratification de l'Accord de prêt relatif au financement du Programme de Transport Multimodal et de Logistique entre la République de Madagascar et l'Association Internationale de Développement (IDA), d'un montant de DEUX CENTS MILLIONS DE DOLLARS AMERICAINS (200 millions USD), délibéré en Conseil des Ministres le 10 juin 2026, annexé au présent Décret et comportant deux (02) articles sera présenté au Parlement.

**Article 2.**– Le Ministre de l'Economie et des Finances et le Ministre des Transports et de la Météorologie sont chargés d'en exposer les motifs et d'en soutenir la discussion.

Fait à Antananarivo, le 10 juin 2026

**Par le Premier Ministre,**
**Chef de Gouvernement,**

**Mamitiana RAJAONARISON**

Le Ministre de l'Economie
et des Finances

Le Ministre des Transports
et de la Météorologie

**Herinjatovo Aimé RAMIARISON**

**Herizo Andrianavalona RAMANAMBOLA**

REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA
Fitiavana - Tanindrazana - Fandrosoana

**MINISTERAN'NY TOEKARENA SY NY FITANTANAM-BOLA**
-----------

**MINISITERAN'NY FITATERANA SY NY FAMANTARANA NY TOETRANDRO**
-------------

**VOLAVOLAN-DALÀNA FAHA-027/2026 ny 10 jiona 2026**

**manome alalana ny fankatoavana ny Fifanarahana fampindramam-bola mifandraika amin'ny famatsiam-bola ho an'ny Tetikasa momba ny Fitaterana Marolafy sy Fampitaovana, vita sonia ny 09 jona 2026 teo amin'ny Repoblikan'i Madagasikara sy ny Fikambanana Iraisam-pirenena misahana ny Fampandrosoana (IDA).**

## FAMELABELARANA NY ANTONANTONY

Ny Tetikasa Fitaterana Marolafy sy Fampitaovana dia paika stratejika sy laharam-pahamehanan'ny Fanjakana izay mikendry ny fampananan'antoka sy fanavaozana ireo làlana fitaterana fototra, mifanaraka amin'ny torolàlana ao amin'ny Drafitra Nasionaly momba ny Fitaterana sy ny fanamby napetrakin'ny Governemanta amin'ny fanovàna ara-toekarena. Izy io dia mifototra amin'ny fomba fiasa mirindra, izay ahitana fanarenana fotodrafitrasa manan-danja, fanamafisana ny fahaiza-manaon'ny andrim-panjakana, fanatsarana ny fitantanana ary fampiroboroboana ny fitaterana marolafy eto Madagasikara. Ny tanjon'ny tetikasa dia ny hanatsara ny fahombiazana, ny fiarovana ary ny sandatohitra amin'ny fiovan'ny toetrandro ho an'ny fotodrafitrasan'ny fitaterana sy ny fampitaovana eto Madagasikara.

Maharitra 5 taona, ny tetikasa dia mahakasika ny fanavaozana ny fotodrafitrasa sy ny rafitry ny fitaterana an-dàlamby, ny fanarenana ny seranan-tsambo, ny fanokafana indray ny lakan-drano azo andehanana sy ny fanavaozana ny fitaterana an-dranomasina sy an-dranomamy, ny fanarenana sy fanatsarana ara-penitra ny seranam-piaramanidina sy ny fitaterana an'habakabaka ary koa ny fanohanana ny fandrindrana ny tetik'asa sy ny fanonerana ateraky ny famindran-toerana.

Ho famatsiam-bola ny tetik'asa, ny IDA dia nanome fampindramam-bola mitentina ROANJATO TAPITRISA DOLARA AMERIKANA (200 000 000 USD), mitovy amin'ny 839 218 000 000 Ariary.

**Fepetra findramam-bola**

| | | |
|---|---|---|
| Vola trosaina Dolara amerikana | 95 000 000 | 105 000 000 |
| Faharetan'ny famerenam-bola | 40 taona ka 11 taona voalohany tsy mamerim-bola | 25 taona ka 5 taona voalohany tsy mamerim-bola |
| Taha zana-bola | 0% | SOFR 6volana + 1,22% |
| Taha tambim-pamoaham-bola | 0,5 % raha be indrindra | 0,25% |
| Taha tambim-pampiasam-bola | 0% | 0,25% |

**Sokajy ny Tetikasa**

**Sokajy 1**. Fanavaozana sy fanarenana ny fitaterana an-dalamby

**<u>Sokajy 2</u>.** Fanarenana ny seranan-tsambo, fanokafana ny lakan-drano ary fanavaozana ny sehatra fitaterana an-dranomasina sy an-dranomamy
**<u>Sokajy 3.</u>** Fanarenana sy fanatsarana ara-penitra ny seranam-piaramanidina any amin'ny faitra ary fanohanana ny sehatry ny fitaterana an'habakabaka
**<u>Sokajy 4</u>.** Fanohanana ny fandrindrana ny tetik'asa sy ny fanonerana ateraky ny famindrana toerana

**<u>Ministera mpiahy ny tetikasa</u> :** Ministeran'ny ny Fitaterana sy ny Famantarana ny Toetrandro

Araka ny voalazan'ny andininy faha-137, andalana faha II ao amin'ny Lalàmpanorenana manao hoe : « Ny fankatoavan-dalàna na fankatoavana ny fifanarahana iraisam-pirenena izay mampiditra andraikitra ara-bola ho an'ny Fanjakana dia tsy maintsy omen-dalana amin'ny alalan'ny Lalàna ».

Ny Ministry ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola ary ny Ministry ny Fitaterana sy ny Famantarana ny Toetr'andro no tompon'andraikitra amin'ny famelabelarana ny antonantony sy fitarihana ny adihevitra momba ny volavolan-dalàna.

Izany, Ramatoa sy Andriamatoa Parlemantera, no anton'ity volavolan-dalàna atolotray ho ankatoavinareo.

Antananarivo, faha

Ny Ministry ny Toekarena
sy ny Fitantanam-bola

**Herinjatovo Aimé RAMIARISON**

Ny Ministry ny Fitaterana
sy ny Famantarana ny Toetrandro

**Herizo Andrianavalona RAMANAMBOLA**

REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA
Fitiavana - Tanindrazana - Fandrosoana

**FIADIADIANA NY FANAVAOZANA NY REPOBLIKA**

______________

**VOLAVOLAN-DALANA LAHARANA FAHA- 027/2026 ny 10 jiona 2026**

**manome alalana ny fankatoavana ny Fifanarahana fampindramam-bola mifandraika amin'ny famatsiam-bola ho an'ny Tetikasa momba ny Fitaterana Marolafy sy Fampitaovana, vita sonia ny 09 jona 2026 teo amin'ny Repoblikan'i Madagasikara sy ny Fikambanana Iraisam-pirenena misahana ny Fampandrosoana (IDA)**

Nankatoavin'ny Antenimierampirenena nandritra ny fivoriana nataony tamin'ny ....................,

**NY FILOHAN'NY FANAVAOZANA NY REPOBLIKA, FILOHAM-PANJAKANA,**

Araka ny Lalàmpanorenana,
Araka ny Fanapahana laharana faha- ____________-HCC/D tamin'ny___________nataon'ny Fitsarana Avo momba ny Lalàmpanorenana,

**MAMOAKA IZAO LALÀNA MANARAKA IZAO :**

**Andininy voalohany**.- Ekena ny fankatoavana ny Fifanarahana fampindramam-bola mifandraika amin'ny famatsiam-bola ho an'ny Tetikasa momba ny Fitaterana Marolafy sy Fampitaovana, vita sonia ny 09 jona 2026 teo amin'ny Repoblikan'i Madagasikara sy ny Fikambanana Iraisam-pirenena misahana ny Fampandrosoana (IDA), mitentina ROANJATO TAPITRISA DOLARA AMERIKANA (200 000 000 USD), mitovy amin'ny 839 218 000 000 Ariary**.**

**Andininy 2.-** Havoaka amin'ny Gazetim-panjakan'ny Repoblika ity Lalàna ity ary hotanterahina ho Lalàm-panjakana

Avoaka hanan-kery, Antananarivo faha

**Ny Filohan'ny Fanavaozana ny Repoblika,**
**Filoham-panjakana**

**Michaël RANDRIANIRINA**

**Hita sy hekena atovana**
**amin'ny Didim-panjakana**
**laharana faha-2026-1477 ny 10 jiona 2026**

**Ny Praiministra,Lehiben'ny Governemanta,**

**Mamitiana RAJAONARISON**

REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA
Fitiavana - Tanindrazana - Fandrosoana

**GOVERNEMANTA**

\- - - - - - - - - - - - - -

**DIDIM-PANJAKANA LAHARANA FAHA- 2026-1477**

**mitondra ny fanolorana eo anatrehan'ny Parlemanta ny Volavolan-dalàna Laharana faha manome alalana ny fankatoavana ny Fifanarahana fampindramam-bola mifandraika amin'ny famatsiam-bola ho an'ny Tetikasa momba ny Fitaterana Marolafy sy Fampitaovana, vita sonia ny 09 jona 2026 teo amin'ny Repoblikan'i Madagasikara sy ny Fikambanana Iraisam-pirenena misahana ny Fampandrosoana (IDA)**

**NY PRAIMINISTRA, LEHIBE NY GOVERNEMANTA,**

Araka ny Lalampanorenana ;
Araka ny Fanapahana laharana faha-10-HCC/D3 tamin'ny 14 oktobra 2025 nataon'ny Fitsarana Avo momba ny Lalàmpanorenana manome ny fahefana miaramila mahefa, soloin'ny Kolonely RANDRIANIRINA Michaël, hanatanteraka ny asan'ny Filoham-panjakana ;
Araka ny Didim-panjakana laharana faha-2026-776 tamin'ny 15 martsa 2026 manendry ny Praiministra, Lehiben'ny Governemanta ;
Araka ny Didim-panjakana laharana faha-2026-777 tamin'ny 25 martsa 2026 manendry ireo mpikambana ao amin'ny Governemanta ;

**DIA MAMOAKA IZAO DIDIM-PANJAKANA IZAO :**

**Andininy voalohany.**– Ny Volavolan-dalàna laharana faha-027/2026 ny 10 jiona 2026 manome alalana ny fankatoavana Fifanarahana fampindramam-bola mifandraika amin'ny famatsiam-bola ho an'ny Tetikasa momba ny Fitaterana Marolafy sy Fampitaovana, vita sonia ny 09 jona 2026 teo amin'ny Repoblikan'i Madagasikara sy ny Fikambanana Iraisam-pirenena misahana ny Fampandrosoana (IDA)), izay mitentina **ROANJATO TAPITRISA DOLARA AMERIKANA (200 000 000 USD)**, mitovy amin'ny 839 218 000 000 Ariary, nodinihina teo amin'ny Filankevitry ny Ministra ny 10 jiona 2026, ary atovana amin'ity Didim-panjakana misy andininy roa ity, dia hatolotra hankatoavin'ny Parlemanta.

**Andininy 2 .**– Ny Minisitry ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola ary ny Minisitry ny Fitaterana sy ny Famantarana ny Toetr'andro no tompon'andraikitra amin'ny famelabelarana ny antonantony sy fitarihana ny adihevitra momba izany.

Natao teto Antananarivo, ny 10 jiona 2026

**Ny Praiministra,**
**Lehiben'ny Governemanta,**

**Mamitiana RAJAONARISON**

Ny Ministry ny Toekarena
sy ny Fitantanam-bola

Ny Ministry ny Fitaterana
sy ny Famantarana ny Toetrandro

**Herinjatovo Aimé RAMIARISON**

**Herizo Andrianavalona RAMANAMBOLA**